
# ALAHADY FAHA 32 MANDAVANTAONA -B 2024



**« Lazaiko marina aminareo fa io mpitondratena mahantra io no nandatsaka be indrindra tamin'izay rehetra nandatsaka tao amin'ny fandatsahan-drakitra » (Mk. 12: 43)**

Ry Kristianina havana, raha tamin'ny Alahady lasa teo isika nandinika ny fitsipika volamena mba hialantsika amin'ilay fivavahana ety ivelany sy ny fanatanterahana fitsipika fotsiny izay nanomezan'i Jesoa tsiny an'ireo mpanora-dalàna sy Farisiana tamin'ny fotoanandrony, amin'izao Alahady faha-32 mandavantaona izao dia miditra lalindalina amin'izany fandinihana ny fitsipika volamena izany isika. Nilaza i Jesoa : "Mihainoa ry Israely, ny Tompo Andriamanintsika no Tompo Andriamanitra tokana ka tiavo ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao, amin'ny fanahinao, amin'ny sainao ary herinao manontolo", izany no didy voalohany, ny faharoa mitovy amin'izany : "Tiavo ny namanao tahaka ny tenanao". Nolazaintsika àry fa io no làlam-piainana ho antsika raha te ho taranaka mpanorina isika ka hanorina ilay tontolo iainana izay mila harenina, hanorina ny tontolom-piainana izay tsapantsika fa efa potika ka mila harenina koa ary ny tontolom-pinoana izay tena mila harenina tokoa. Ireo rehetra no tsy maintsy dinihina eo anivon'ny Sinaody satria fototra ny maha-kristianina isika. Miainga avy amin'ny experience sy ny fahazoantsika ireo fitsipika volamena ireo ny dinika.

**Vakiteny I :** 1 Mpanj. 17, 10-16
**Tononkira :** Salamo 145
**Vakiteny II :** Heb 9, 24-28
Evanjely : Mk. 12, 38-44

Fitsipika volamena nasongadintsika dia ny fanompoana, ohatra sy modely nomen'i Jesoa no azontsika atao. Izao Alahady izao kosa fa indrindra efa miomana isika amin'ny hasim-pinoana, maniraka antsika i Jesoa, tsy hoe fanoharana no nataony fa zavatra hitany mihintsy, ny

fahitany an'ilay mpitondratena mahantra nandatsaka izay nananany "*indray andro, raha nipetraka tandrifin'ny fandatsahan-drakitra i Jesoa, dia nijery ny fandatsaky ny olona tao, ary maro ny mpanan-karena no nandatsaka be. Ary nisy mpitondratena mahantra anankiray tonga tao koa, ka nandatsaka farantsa kely roa ankevitry ny variroaventy avy*."

Izany no fitiavana tsy misy takalo, fitiavana maimaim-poana, ka nahatonga an'i Jesoa nanao "bravo" an'ilay vehivavy. Koa toetra tokony hananantsika ary anisan'ny toe-panahy 5, anisan'ny 5F, ny fahafoizana raha te ho mpanorina isika. Anisan'ny sadjoa, siny tsy maintsy fenoina. Lalana mitondra antsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA ZARY TABERNAKLA. Io no lazain'ny Sinaody Iombonana erantany hoe : fandraisana an-tanana. Nahafoy ny fananany manontolo ilay mpitondran-tena satria fantany fa amin'ny alalan'ny finoana no anehoany ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana namana. Manentana antsika izay maniry ho taranaka mpanorina EOV sy ETA haka  modely an'ilay mpitondratena izay teo imason'olona rehetra nandatsaka izay fananany.

Ny vakiteny voalohany bokin'ny Mpanjaka izay mitantara an'i Elia niainga nankany Sareftà ka nahita ilay vehivavy mpitondran-tena izay nanangona ny kitay ho azy ka nangataka rano ho sotroina "*Aza mahafady, mba angalao rano kely amin'ny fisotroana aho hosotroiko"* sy niangavian'i Elia hanome sakafo ho azy "*Dia nandeha naka rano ravehivavy. Nantsoiny izy ary nataony hoe: "Dia mba itondray mofo kely eny an-tananao aho, raha sitrakao*", Fa hoy ny navalin'ilay mpitondratena : *"Velona ny Tompo Andriamanitrao, tsy misy zavatra masaka ao amiko; lafarîna eran-tanana ila..... no hananako* " Dia hoy Elia "Fa hoy i Elia taminy: "*Aza matahotra, fa  izao no lazain'ny Tompo Andriamanitr'i Israely: Ny lafarîna ao am-bilany tsy ho lany, ny diloilo ao an-tavoara tsy hihena akory "* Nanomboka teo nànana ny ambin-dafarinina ilay mpitondratena.

Fampianarana lehibe ho antsika izany.  Ny fahafoizana dia manambara ny tena fitiavana satria mahafoy tokoa, mahafoy ny rehetra. Ilaintsika izany amin'ny maha-taranaka mpanorina antsika, ny fikatrohana amin'ny vaomiera, ny fikambanana, ny fandalinam-pinoana, amin'ny fanomanana ny litorjia, ny fiainantsika manontolo mila fahafoizana fotoana. Io ilay tena fitiavana izay tiantsika asongadina araky ny fampianarana nataontsika tamin'ny Alahady lasa teo satria io no fitsipika volamena ka mandrindra ny fiainantsika eo anivon'ny tontolo iainana, eo anivon'ny tontolom-piainana sy tontolom-pinoana, izay tia mahafoy. I Jesoa no modely ho antsika, izy izay lazain'i Md Paoly ao amin'ny taratasy ho an'ny Filipianina : "*Izy manana ny toetra maha Andriamanitra azy, nataony tsinontsinona ho faran'ny ambany mba ho famonjena antsika*". Raha te ho mpanorina isika dia tsy maintsy mandalo amin'ny fahafoizana, amin'ny fahasahiana, faharetana ary ny fanentren-tena. Mazava ho azy tsy misaraka amin'ny fitiavam-bavaka izany rehetra izany.

Tsara ny manantitrantitra fa ny volana novambra no volana hasim-pinoana eto amintsika ary sendra ny Alahady hankalazantsika an'i Kristy mpanjaka izany ka Andriamanitra no manoro làlana antsika. Tsy misy kisendrasendra ao amin'Andriamanitra satria ny vakiteny atolotry ny

Eglizy amin'io andro io sady Alahady mamaramparana ny taona litorjika dia mampibaribary fa anisan'ny toe-panahy fototra amin'ny fanorenana ny fahafoizana. Tsy hahavita manorina isika raha tsy mahafoy. Ambaran'ny taratasin'ny Hebrio koa fa i Jesoa ilay mpisorombe nanolotra ny ainy ho antsika. Izao fanatanterahantsika ny Sinaody izao no aoka hanehoantsika ny fahavononantsika ka samy hampiseho ny depart vaovao, fiaingana vaovao amin'ny fanantanterahana ny hasimpinoana. Omeko Hasina ny finoako fa katolika aho mba hanamasina ny finoako amin'ny alalan'ireo Sakramenta mandrotsaka fahasoavana ho ahy.

Izany no nanorenan'i Jesoa ny fifandraisantsika sy nanavaozany ny fifandraisantsika amintsika samy isika sy amin'Andriamanitra ny fanolorany ny tenany ho sorona fanavotana antsika ka nahatonga ny fanekem-pihavanana vaovao sy mandrakizay nataon'Andriamanitra amintsika olombelona araky ny Eokaristia izay ankalazaintsika isaky ny Alahady.

Ohatra lehibe ho antsika i Jesoa, izy izay nahafoy ny ainy manontolo hatramin'ny fandatsahana ny ràny, eo ihany koa ireo martiry izay modely ho antsika. Anisan'izany ny olontsambatra Lucien Botovasoa, izy anie hivavaka ho antsika ho an'ny firenentsika amin'izao isika mandalo fotoan-tsarotra izao.

Enga anie hanampy antsika bebe kokoa hahafoy eo amin'ny fiainantsika ny hafatra apetraky ny Eglizy amin'izao Alahady faha-32 mandavantaona izao fa indrindra miatrika izao Sinaody izao .

Ry Kristianina havana tsy fitiavana sentosento no ambaran'i Jesoa sy ampianariny antsika, izy rahateo naneho izany tamin'ny fiainany, aoka hivelomantsika ny hafany, ao anaty fahafoizana no hanehoana ny fitiavana, izay tia dia mahafoy.

Aoka hanavao izany isika amin'ny fiainantsika mba tsy ho hisy ny fihatsaram-belatsihy fa rehefa mitia dia mitia tokoa.

Ry Jesoa Tompo ô, ampio izahay mba ho tena mpivavaka marina tahaka ilay mpitondratena izay hitanao tao an-tempoly nandatsaka ny fananany manontolo. Enga anie izahay hahay hahafoy eo amin'ny fiainanay ary hikendry izay mahafaly anao ka hahatonga anay ho tena taranaka mpanorina Eglizy Tranon'Andriamanitra sy Eglizy Olona Velona eo amin'ny mpiara-belona aminay ka zary EGLIZY MIARA-DIA MIOMBONA, MANDRAY AN-TANANA, MIKATROKA ZARY IRAKA, HO EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY KA ZARY TABERNAKLA VELONA. Masina Maria Ianao no Tabernakla velona voalohany satria nahafoy ianao ary nanompo, ampianaro izahay zanakao amin'izao fanatanterahanay izaoSinaody izao mba hanana io toe-panahy fototra io. Md Josefa, Ray Mpiaron'ny Eglizy Erantany ianao ka matoky mandrakariva ny fitantananao izahay fa indrindra amin'ny fiatrehana ny Sinaody izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson